Horonantsary Nampoina 3

**Hanahirana ny Filoha Rajoelina**

Firaisamonim-pirenena 7

**Tsy voapetraka ara-potoana ny lalànan'ny tetibola**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 13 novambra 2021 Laharana 1231 Vidiny : **400 Ar**


**Facebook** 5

**Mihinan'IEM ny mponina amin'ity rano tsy misy ity**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Filoha Ravalomanana** 2

# Mivonona amin'ny fifidianana rehetra ho avy ny TIM



**Fiainam-pirenena** 3

# Tsy voafehin'ny fitondrana intsony ny vidim-piainana



**Barea sy Tanzania rahampitso** 2

# Ho maimaimpoana ny fidirana hoy ny FMF



**Morondava faritra Menabe** 6

# Toa hafenina ny tarehimarika momba ny covid-19



**Ny Valosoa sy Fakafaka** 2

Tsy ampy ny fanomezan-danja ny manam-pahaizana malagasy

**Faritra Atsinanana** 7

Hanomboka ny 17 novambra izao ny taom-piotazana letchi

**Daka kely**

**Fitantanana saosy : toa ambanian' ialahy indray ny «cerveau» eto amin'ny tanàna ry Boaikely a !**

FILOHA RAVALOMANANA

# Mivonona amin'ny fifidianana rehetra ho avy ny TIM

Nisy ny fivoriambe nataon'ireo ben'ny Tanàna Tiako i Madagasikara (TIM), sy ny mpanolotsaina manerana an'i Madagasikara omaly, tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM, tao Bel'Air Ampandrana. Tonga maro ireo olomboafidy, na misy tena alavitra aza ny toerana misy azy ireo toy ny avy any Toliara; Akondromena Miandriavazo, avy any Alaotra Mangoro, sns… Tao anatin'izany ihany koa dia nisy ireo ben'ny Tanàna tsy miankina nisafidy ny hiaraka amin'ny antoko TIM. Nanome voninahitra ny fotoana tao an-toerana ny filoha nasionalin'ny antoko TIM ny filoha Marc Ravalomanana sy ny birao politika nahitàna ny sekretera jeneralin'ny TIM Rina Randrimasinoro, ny mpiaramiasa aminy mandrafitra ny birao. Nisy ny hafatra mafonja niantefa tamin'ireo ben'ny Tanàna sy ny mpanolotsaina nandritra ity fivoriana ity nataon'ny filoha Marc Ravalomanana sy ny birao politika. Manana andraikitra sy anjara toerana lehibe eto amin'ny firenena ny kaominina nifidy anareo ary indrindra ao amin'ny antoko politika TIM, ny ben'ny Tanàna sy ny mpanolotsaina. Manana anjara toerana lehibe tokoa ianareo hoy ny filoha Ravalomanana ary tsy azo atao ambanin-javatra satria efa manana ny traikefa eo amin'ny fiaraha-miasa miaraka aminareo ny any amin'ny fototra sy ny filohan'ny antoko, satria tamin'ny fotoan'androny dia izaho hoy ny filoha Ravalomanana no nanome hasina ireo filohampokotany rehetra tamin'izany fotoana izany. Ny mpanolotsaina ny Tanàna amin'ny maha mpikambana azy ireo ao amin'ny antoko TIM no mpitondra tenin'ny antoko eny anivon'ny kaominina nifidy azy ireo. Izy ireo ihany koa dia manana andraikitra lehibe amin'ny fanatanterahana izay filàn'ny vahoaka tsy ankanavaka eny amin'ny kaominina misy azy ; izany hoe tena akaiky ny vahoaka. Noho izany, andraikitra lehibe iantsorohanareo izany hoy ny filoha Marc Ravalomanana dia tokony tsy hanara-drenirano izay teny midina avy amin'ny ben'ny Tanàna ianareo mpanolotsaina, fa tsy maintsy mandinika tsara izay mahasoa ny vahoaka. Tsy handroso mihintsy ny kaominina misy anareo raha toa ka tsy misy ady hevitra sy fijerena ny tombontsoam-bahoaka ny fanapahan-kevitra raisinareo. Amin'ny maha olom-pirenena anareo hoy ny filoha Ravalomanana dia manana andraikitra eo amin'ireo adidy samihafa eo amin'ny kaominina sy ny fokontany misy anareo. Ianareo mpanolotsaina no fitaratra ho an'ny vahoaka ary tokony hanampy azy



amin'ny andraikitry ny olompirenena tsirairay. Manaraka izany, eo ampanomanana fifidianana isika izao. Izany anefa dia miainga any amin'ny fokontany indrindra ny fanaovana ny lisi-pifidianana. Manana andraikitra amin'izany ianareo olomboafidy hoy ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fanaraha-maso ny fanatanterahana izany. Indrindra amin'ny fisorohana ireo izay manana hevi-dratsy hanao hala-bato indray. Anjaranareo ny manentana ny olom-pirenena, mba ho vanona fa tsy ho voavidy amin'ny fanomezana kely tsy mahavita taona akory, nefa ho vidiana lafo mandritra ny 5 taona farafahakeliny. Amin'ny maha antoko mpanohitra ny antoko TIM dia manana andraikitra ihany koa ny olomboafidy rehetra. Sahia ianareo milaza ny marina sy mamaky bantsilana ireo fitantanana tsy mahomby eo anivon'ny kaominina sy fokontany eny. Manana ny anjara toerana ihany koa ianareo ao anatin'ny Redynamisation ny antoko, satria ianareo no akaikin'ireo mpikambana fototra ka ilaina noho izany ny fandraisanareo andraikitra. Ilaina hatrany hoy ny filoha Marc Ravalomanana ny fanarahana ny fitsipi-pifehezan'ny antoko na ny discipline, fa izay no maha antoko TIM antsika. Tandrovy lalandava ny firaisankina, ary katsaho hatrany mba haharitra ny fifampitokisana eo amin'ny samy mpikambana sy eo anivon'ny vahoaka nifidy anareo. Tao anatin'ny fivoriana dia nisy ny fifanakalozan-kevitra teo amin'ny filoha Ravalomanana sy ireo ben'ny Tanàna ary ny mpanolotsaina, nahafahana hanao ny ezaka rehetra hahafahan'ny antoko TIM hiatrika ny fifidianana rehetra ho avy indray.

***Helisoa***

Barea sy Tanzania ny alahady izao

# Ho maimaimpoana ny fidirana hoy ny FMF

Taorian'ny faharesena nisesisesy teo amin'ny Barea, tamin'ny lalao fifanintsanana ahafahana miatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany dia nisy ny fanambaràna navoakan'ny Federasiona Malagasy ny baolina kitra (FMF), tarihan'ny filohany Arizaka Raoul Rabekoto. Tsy hay ny hangina sy tsy hiloabava hoy ity farany eo ampanomanana ny lalao farany ao anatin'ny fiadian-toerana amin'ny fifaninanana eran-tany aty amin'ny faritra Afrika. Iaraha-nahita ny vokatra ary hisaorana daholo isika mianakavy samy nitondra ny anjarany tamin'ny karazam-panohanana amin'ny endriny rehetra ary tamin'ny fotoana rehetra. Zava-dehibe ny firaisankina sy ny fiarahamientana anatin'ny fitiavana. Ankehitriny ary dia te hisaotra antsika rehetra ny Barea sy ny Federasiona Malagasy ny baolina kitra tarihan'ny filohany Arizaka Raoul Rabekoto, sy ireo mpikambana eo anivon'ny komity mpanatanteraka miaraka aminy. Ka dia hiaraka hanotrona ny Barea isika amin'ny alahady 14 novambra 2021 ho avy izao etsy amin'ny kianja Barea Mahamasina. Tsy hisy ny vidim-pidirana, nefa ho mendrika izany fotoana izany isika ary hilamina ao anatin'ny fifanajàna tanteraka. Hamaranako ny fanambaràna hoy ny filohan'ny federasion Arizaka Rabekoto Raoul, dia mampahatsiahy antsika, fa ny ho fahombiazan'ny Barea dia fanomanana ny solofo dimbin'ny ala anatin'ny firaisan-tsain'ny mpitia baolina kitra rehetra.

***Helisoa***

Seces Antananarivo

# Mila mpampianatra 3000 eo ny Oniversite raha tiana hihodina tsara

Tsy hanatanteraka asa hafa ankoatran'ny ora fampianarana, izay tsy maintsy ataon'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra araka ny lalàna manankery, ny mpikambana ao amin'ny Seces Antananarivo manomboka izao. Io no nisongadina nandritra ny fivorian'ny Seces sampana Antananarivo, tetsy amin'ny Oniversite Antananarivo ny alakamisy maraina teo ary tsy hanatanteraka fitokonana momba ny fitakiana ny ora fanampiny sy ny « Vacation » intsony ny Seces Antananarivo manomboka izao. Nilaza ny Profesora Ravelonirina Samy Gregoire, filohan'ny Seces Antananarivo, fa mahatratra 50 % ny fahabangan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eny amin'ireo Oniversite manerana ny nosy, noho izany mitady mpampianatra mpikaroka miisa 3000 isa ny Anjerimanontolo raha tiana hihodina ara-dalàna ny fampianarana ambony. Nanohy fanazavana ny filohan'ny Seces Antananarivo, fa efa antitra avokoa ny ankabeazan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, satria manodidina ny 55 taona eo ho eo ny salan-taonan'izy ireo, noho izany tokony hiroso amin'ny fandraisana mpampinatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra faobe ny fitondrampanjakana manomboka izao, satria ho maro ny fampianarana tsy hisy mpampianatra intsony eny anivon'ny Oniversite noho ity fanapahan-kevitra raisin'ny Seces Antananarivo ity. Nanamafy ny Profesora Samy Gregoire, fa hotanterahina amin'ny volana desambra 2021 ho avy izao eto Antananarivo ny kongresy nasionaly Seces ary hatao amin'ny 02 desambra 2021 ho avy izao ihany koa ny fifidianana ho filohan'ny Seces Sampana Antananarivo.

***Franck Razakambelo.***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Tsy ampy ny fanomezan-danja ny manam-pahaizana malagasy

Sarotra ny hiheverana ny amin'ny ahitana risipon'ny olom-pirenena, sy ny amin'ny fiaraha-mientany anaty fitiavany ny tanindrazany ny fampivoarana ny firenena. Noho ny fahitany ny zava-misy no anton'izany. Saika avy amin'ny fitondrana hatrany no fototry ny olana. Ny tsikaritry ny mpanara-baovao, dia eo hatrany ilay fanomezana vahana ny vahiny eo amin'ny fiaraha-miasa aminy. Asa izay tokony ho vitan'ny teratany Malagasy tsotra izao. Ny farany nahabe resaka izao, dia ilay vondrona orinasa vahiny nambara tamin'ny tapaka teo anivon'ny filankevitry ny minisitra farany teo. Nanambara ny mpahay toekarena Malagasy iray, fa maninona raha manam-pahaizana ara-toekarena rehetra eto amin'ny firenena no nantsoina, dia mivory ao anaty roa andro, dia hita ny sori-dalana manahirana ny fitondrana, toy izay handany volabe amin'ity orinasa vahiny ity?

Tsy amin'io ihany no tranga toy izany fa efa nisy teo aloha. Nanahiran-tsaina ny maro, ohatra, ny tamin'ny andron'ny hamehana ara-pahasalamana, sy ny amin'ny momba ny fanafarana vaksiny. Tsy teratany Malagasy na ny fitondrana no nitarika ny fivoriana sy ny dinika momba izany fa vahiny. Nampieritreritra fatratra ireny tranga ireny.

Be manam-pahaizana eto amin'ny firenena, kanefa ny fitondrana tsy hita ho manana finiavana sy miezaka mitady rindran-damina ny amin'izay hanomezana sehatra azy ireny, sy ny hitondrany anjara biriky marina ho valim-babena ny firenena. Toa tsy hain'izao fitondrana izao ny manao asa mifandray amin'ny ezaka vitan'ny manam-pahaizana vita fianarana eto. Ny avy any ivelany, vita fianaranan tany, matetika tsy mahavita manao asa mivantana mifandraika amin'ny zava-misy marina eto amin'ny firenena sy ny iainan'ny sarambambem-bahoaka andavanandro. Zary, ny ankamaroany, soa fa tsy izy rehetra, dia mihevitra ny fahaizana amam-pahalalana norantoviny avy any entina hampandrosoana ny firenena dia mety avokoa. Raha nety izany, efa ela ity firenena ity no nisandratra satria firifiry akory ireo manam-pahaizana Malagasy nandranto fianarana tany ivelany izay, fa mbola gisitra miohatra amin'ny firenena manerantany i Madagasikara. Misy tsy milamina ao izany.

Koa raha mihevitra ny hanandratra marina ity firenena ity, dia mila mijery ny manam-pahaizana eto firenena ary vita fianarana eto. Raha omena lanja ireo sy atao tomponandraikitra tokoa, fa tsy atao toy izao, dia hisongadina aminy ny toe-tsaina tia firenena sy ho saropiaro amin'ity firenena ity.

***Sôh'son***



*Ny fivorian'ny Seces sampana Antananarivo.*

### Horonantsary Nampoina

# Hanahirana an'Ingahy Filoha Rajoelina

Mendri-piderana ny finiavana sy ny fahasahiana avy amin'ny Pr Ranjeva Raymond, hamoaka ny horonantsary nampitondraina ny lohateny hoe "Nampoina", na koa " Ny riaka no valampariako", izay mampiseho manontolo ny soatoavina navelan'ny Mpanjaka Andrianampoinimerina ny votoatin'ilay horonantsary, ka ny Pr Ranjeva Raymond, no nanangona sy nanoratra ny tantara, i Randrianierenana Henri no nandrindra ny horonantsary.

Nandritra ny fampahafantarana izany tetikasa goavana izany, no nanambaran'ny Pr Ranjeva, fa ilaina ho fantatry ny tanora ankehitriny sy ny taranaka fara mandimby ny fahendrena navelan'ny Mpanjaka Andrianampoinimerina, sy ny fitiavan'io mpanjaka io ny firaisampirenena ary ny finiavany hampandroso ny malagasy rehetra nanerana an'i Madagasikara.

Tonga nanome voninahitra ny lanonana fampahafantarana tetsy amin'ny Hotel Carlton tetsy Ampefiloha tamin'ny Alarobia 10 Novambra 2021 teo ny Filoha Ravalomanana Marc, izay nanambara fa tena ilaina ny fisian'ny horonantsary toy izao, satria mampihetsika ny fitiavantanindrazana eo amin'ny Malagasy, izay efa difotry ny fahantrana, hiteraka firaisankina ho an'ny malagasy hoy ny Filoha Ravalomanana ny toy izao, ka mandrisika azy handray andraikitra.

Samy tsy mbola nisy nahita ny ao anatin'ny horonantsary fa ny azo antoka dia hisongadina ao ireo fihetsika sy fitenin'ny Mpanjaka Andrianampoinimerina, izay tokony ho lesona ho an'izay mitondra sady mbola manankery sy tsy lefy laza hatramin'izao ny voalazan'io mpanjaka io.

Singanina manokana etoana ny kabary famerimberiny matetika toy ny hoe: "Fahavaloko ny mosary", hoan'ity mpanjaka ity dia zavadoza ho an'ny vahoaka ny mosary, ka ny miasa ny tany ihany no fomba mahomby ahafahana miady amin'ny mosary, voaporofo teo amin' ny tantara fa raha nisy ireo tonga nila fanampiana tany amin'ny mpanjaka dia nomeny angady.

Ny Filoha Ravalomanana dia niezaka mafy tamin'ny fitsinjovana ireo tantsaha teo amin'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny fanjonoana, mbola tsy adinon'ireo tantsaha malagasy ny tetikasa '' Psdr', izay nanampiana ny vahoaka tany amin'ny tontolo ambanivohitra, nisy tamin'izany ny fizarana masomboly sy zezika, ny vokatry ny tantsaha novidiana tamin'ny sarany ara-dalàna, ka fay tanteraka tamin'izany ireo mpijirika zatra nanararaotra ny tantsaha, ny biby fiompy vita vaksiny sady voaramaso ara-pahasalamana, ny mpanjono afaka miasa tsy voahelingelin'ny sinoa, ny fandriampahalemana azo antoka, ny lalana nivezivezen'ny vokatra tomombana, ary ny tsy azo amaivanina dia nisy ny ezaka nataon'ny fitondrana Ravalomanana niarovana ireo tantsaha teo amin'ny resaka fanantany.

Fa nandritra ny fitondrana Rajoelina kosa dia farahidiny ny tantsaha, tsy misy ny finiavana avy amin'ny mpitondra hitsinjo ireo tantsaha, mahazo vahana ireo mpijirika mpambotry ny tantsaha, ny vary aza moa lazain'Ingahy Filoha, fa roa taona hono vao vokatra ka aleo manafatra vary, hatramin'izao tsy hita popoka ireo sambo roapolo nolazain'Ingahy Filoha hitondra vary, ny mpiompy lasibatry ny asan-dahalo satria ireo mpitandro filaminana tazonin'ny mpitondra aty an-drenivohitra hanenjika ny mpanohitra, ny fanjonoana an-dranomasina hanjakan'ny sinoa, ireo velarantany mamokatra rehetra lasan'ny vahiny, mifanipaka tanteraka amin'ny fihevitry ny Mpanjaka Andrianampoinimerina ny ataon-dRajoelina.

''Fahavaloko ny haintrano'', mbola anisan'ny kabarin'Andrianampoinimerina io, ny tiany ambara eto dia ny fandoroana amin'ny ankapobeny mihitsy, no tsy ankasitrahan'ny mpanjaka na trano, na tanàna, na ala sns... Nandraisana fepetra hentitra izay tratra nandoro tamin'izany.

Ny Filoha Ravalomanana dia nanao ho vaindohandraharaha ny ady amin'ny dorotanety, sy ny fandripahana ny ala ary ny fiarovana ny tanàna amin'ny afo.

F'Ingahy Filoha ankehitriny, dia tsy mbola maty ao an-tsaina ny 26 Janoary 2009, nisian'ny fandorana tanàna faobe, natomboka tetsy amin'ny Rnm sy Tvm, niitatra teny Anosipatrana, Tanjombato, Behoririka, Ankorondrano, mbola voatahiry ny horonampeo mirakitra ny feon'Ingahy Filoha nitsodrano ireo mpandoro sy mpandroba. Fa hatramin'izao dia mbola tsy mitsahatra ny fahamaizana na an-tsaha na an-tanàna, toa ny any Ankarafantsika sy Menabe Antimena, ireo lazaina fa mpitondra tsy hita izay fandraisana andraikitra kanefa dia minisitra vavibe roa izao no ao.

Santionany ihany ireo nanaovana fanamarihana ireo fa mbola betsaka ny azo ambara mikasika ny fahendren'ny Mpanjaka Andrianampoinimerina, fa ny tena manaitra avy hatrany dia tsapa fa misy ireo fomba fiasa itovizan'ny Filoha Ravalomanana amin'io mpanjaka malaza io, satria samy manome lanja ny tantsaha sy ny fihavanana ary ny firaisankina, etsy ankilany dia mibaribary tsy takona afenina, fa mifanipaka tanteraka amin'ny ataon'ity mpanjaka ity ny fomba fiasa sy fihevitr'Ingahy Rajoelina nanomboka tamin'ny 26 Janoary 2009 ka hatramin'izao izy efa telo taona nitondrana izao.

Amin'ny volana April 2022 no hivoaka ity horonantsary goavana ity, izay nambaran'ny Pr Ranjeva Raymond, fa haparitaka ho hitan'ny tanora malagasy manerana an'i Madagasikara sy eran'izao tontolo izao, antenaina fa tsy ho gisitra amin'ny fahitana izany Ingahy Filoha ankehitriny.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fiainam-pirenena

# Tsy voafehin'ny fitondrana intsony ny vidim-piainana

Misafotofoto ny toe-draharaha eto amin'ny Firenena eo amin'ny sehatra rehetra amin'izao fotoana izao. Tsy fantatra intsony inona no tian'ny fitondrana atao, satria tsy fahaizana ve sa iniana atao ny fitantanana ity Firenena ity amin'izao endriny izao? Tsy voafehy intsony ny fiakaran'ny vidim-piainana na dia nidradradradra aza tamin'ny fotoan'andro, fa telo andro dia tsy maintsy midina ny vidin'ny zavatra ilain'ny mponina andavanandro. Rehefa tsy tafita izany dia nanafatra sakafo amin'ny sambo miisa roapolo. Mbola tsy hita ihany koa izay tohiny ary ny fantatra dia orinasa miankina amin'ny fanjakana, SPM, no omena alàlana hanafatra izany. Azo inoana fa misy olona ao an-dapa ao no mitantana ity orinasa ity, ka ny tombony amin'izany dia tsy mazava na harotsaka ao amin'ny kitapom-bolampanjakana, na halefa any amin'ilay antsoina hoe "paradis fiscal", na any amin'ny kaontin'ny manampahefana any ivelany any. Miakatra izay tsy izy ny vidin-kena tato ho ato: ny henomby sy hena kisoa izany, miakatra manaraka izany koa ny vidin'ny akoho amam-borona. Ny vidin'ny fitaovana isan-karazany fanaovan-trano ihany koa, midangana izay tsy izy ankehitriny. Efa nambara teto amin'ny gazety izay fa: tsy rariny intsony ity vidina simenitra sy vidina vy ity,…

Mbola mitohy ihany ny serasera momba ilay fanangana ny fitateram-bahoaka eny amin'ny habakabaka,, "téléphérique, na dia tsy hisy fiantraikany mivantana amin'ny fiainam-bahoaka aza izany. Tsy misy olona hahazaka izany saran-dàlana telo arivo na efatra arivo ariary izany eto amin'ny Firenena. Tsy hanova ny fitohanan'ny fiara eny amin'ireo làlam-pirenena mivoaka ny renivohitra ireny: Ankadimbahoaka, Anosizato, Ambohibao, Mahazo, Analamahitsy. Raha ny "bus class" no resahina dia mety amin'ny olona sasany ny saran-dàlana, satria voatery miova taksibe in-telo izy satria ireny olona ireny dia mety miova ka sady tsy lany fotoana izy raha izay ny zava-misy. Ambonin'izany dia tsy mbola lany tao amin'ny Antenimiera roa tonta ny fisamboram-bola dimampolo ambizato tapitrisa euros kanefa maro an'isa moa ny depiote sy loholona, izay tsy mandinika lalina fa mananga-tànana andaniana ny rendrarendran'ny filohan'ny Repoblika hatrany. Distrika efatra ao anatin'ny tanànan'Antananarivo ihany no hisitraka izany kanefa ny vahoaka Malagasy manerana ny Nosy no hibaby io trosa be io. Raha ny fampihenana ny fitohanana tokoa no tanjona dia efa tao anatin'ny vinan'ny filohan'ny Repoblika ihany ny hanaovana "fly over" amin'ireo toerana misy fitohanana voatanisa etsy ambony ireo, ka raha izany vola hindramina hanaovana ""téléphérique" izany dia hahavitana manangana "fly over" folo. Raha laharam-pamehana no asian-teny dia ny tsy fanjarian-tsakafo sy ny kere any Atsimo, no tokony hihazakazahana ny fanalefahana na ny fanafoanana izany mihitsy aza. Ny mampanahy ihany koa dia sao dia efa brokatera toy ireo lohamasinina novidiana ho an'ny zotra Fianarantsoa-Manakara (FCE) sy ny "Airbus 340" ho an'ny Air Mad izany "téléphérique" izany, ka ho voa roa toy ny dakam-boriky indray ny Firenena efa mahantra ity, ka ny eo tsy misy mandeha amin'izay laoniny kanefa ny trosa babena ihany. Tsy misy mangirana ihany koa, iza no hitantana ity fitateram-bahoaka ity, ny kaominina Antananarivo renivohitra, sa ny fitondrana satria volam-bahoaka no miady ao. Tsy mampiova na inona na inona ihany koa ny nananganana ny kianjan'i Mahamasina satria tsy mbola nisy vola niditra hatramin'ny nitokanana azy, ankoatry ny vidina tapakila tamin'ny lalaon'ny ekipam-pirenena gasy nihaona tamin'ny Ethiopiana. Araka ny fantatra dia homena orinasa tsy miankina ny fitantanana ity kianja ity kanefa dia fananan'ny tànanan'Antananarivo madiodio izy io. Azo inoana fa tandapa indray no homena ny fitantanana, ka tsy hisy hijanona eto indray ny vola hiditra fa hivoaka antsokosoko any ivelany toy ny vola vahiny niaraka tamin'ny volamena 73, 5 kilao. Hanofa fiaramanidina hono ny kaompaniam-pirenena Air Mad amin'izao fisokafan'ny habakabak'i Madagasikara izao. Mandritra ny efatra volana no hanofana fiaramanidina satria amin'izay vao ho vita ny fanamboarana ny Airbus 340. Ny manahirana dia nahoana no tsy tafiditra tao anatin'ny fandaharan'asan'ny mpitondra ny fanarenana ity orinasam-pirenena ity tao anatin'izay telo taona izay, fa efa miala aina ny orinasa vao mitady vahaolana. Mampanahy ny maro ny fomba fiasan'ny fitondrana Rajoelina Andry raha ny sehatra isan-karazany izay azo antoka fa hampiakatra ny harin-karena satria navelany ho potika avokoa, ka anisan'izany ireo orinasa mpanao siramamy, ny Secren any Antsiranana, sns,… Tokana ihany ny fomba hanavotana ity Firenena manankarena ity kanefa tsy mahavelona ny mponina ao aminy dia ny fanoherana sy ny tsy fanekena intsony ny fanaovan'ny mpitondra izay tiany atao hampahantra ny vahoaka, fa hampitomboiny ny miditra any am-paosiny sy ny mpiray petsapetsa aminy.

***Andry Tsiavalona***

### TONONKALO

## Ry mpitandro filaminana

Ry miaramila, ry zandary, ry polisy mpihetraketraka,
Zatra ny mampiasa hery fa toa tsy mahay mipetraka.
Mba meteza handanjalanja, saino ihany izay atao,
Sao lahy hivaly sy hifotitra amin`ireo taranakao !

Tato ho ato dia nanjaka ny fanaovana herisetra.
Be `nareo no nikoizana tamin`ny fomba sy ny toetra.
Tao ireo tena nampijaly, (toy ny olon-tsy misaina !)
Saingy mba tsarovy ihany, tsy anareo anie ny aina !

Olona tsy mbola meloka fa vao entina hotsaraina,
Dia efa tena matin-daroka, mila hiala hatramin`ny aina.
Mba sekoly taiza re no nampianarana an`izany,
Fa dia tena hafa loatra sy ikoizana eran-tany !

Dahalo, indreo manao ny ataony, tena mampihorohoro,
Fa manafika tanàna, dia mandroba sy mandoro,
Nefa dia tsy misy hafitsoka iretsy maro aminareo.
(Toa vava fotsiny no betsaka, tsisy hapoaka nony avy eo!)

Potika ny firenena, miaina anaty fahalovana.
Ireo mpitondra ambony hatrany no matetika arovana,
Fa ireo vahoaka tsotra, very mpiaro sy mpiahy,
Satria `nareo mba nantenainy no niofo ho jiolahy !

…Mbola ho azonay vahoaka itokiana sy iankinana
Ve `nareo rehetra ambara ho mpitandro filaminana ?
Raha "eny" dia meteza hiova fomba sy famindra:
Mba ho "marina" sy "mendrika" fa izay no tsara indrindra !

***TSIMIMALO (09-11-21)***

FORUM NATIONAL DES ENTREPRENEURS

# Mamporisika ny mpandraharaha madinika hampitombo ny vokany

Mampahafantatra ny vokatra sy ny sangan'asan'ireo mpandraharaha madinika, ny fanatanterahana ny « Forum National des Entrepreneurs » andiany faha 3, izay atao etsy amin'ny Motel Anosy nanomboka ny zoma 12 Novambra 2021 ka hatramin' ny anio sabotsy 13 Novambra 2021. Hetsika izay karakarain'ny « Club des Entrepreneurs» miara-miasa amin'ny MED (Madagascar Entreprise Developpement), ka ny fanampiana ny mpandraharaha madinika hanitatra ny seha-pihariany amin'izao fisokafan'ny sisintany izao no tanjona. Nanazava Ramatoa Rasoamanantany Natacha, tompon'andraikitry ny tetikasa ao amin' ny « Forum des Entrepreneurs », fa 20% ny Malagasy ihany no mpandraharaha ary nandalo fotoan-tsarotra ireto farany nandritra ny fandalo-




*Ireo anisan'ny tompon'andraikitry ny Forum National des Entrepreneurs.*

van'ny aretina Coronavirus, noho izany tokony homena sehatra sy apetraka amin'ny toerana tokony hisy azy ny sehatry ny fandraharahana manomboka izao, mba hahafahan'ireto farany mampiroborobo ny seha-pihariany. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitry ny tetikasa ao amin'ny « Forum des Entrepreneurs » ity, fa fotoana iray ahafahana manoro ny mpandraharaha ny zava-tra tokony hataony ity « Forum » ity, mba hahafahan'ireto farany miroso amin'ny sehatry ny aradalàna sy mifehy ny tontolon'ny « Digitalisation ». Nilaza Ramatoa Rakotomalala Ioly filohan'ny « Club des Entrepreneurs », fa hamoaka fehin-kevitra ahitana an'ireo olana mianjady amin'ny mpandraharaha ny « Forum des Entrepreneurs » ary hitondra vahaolana ahafahana manatsara an'ity sehatr'asa ity. Nanohy fanazavana ny filohan'ny « Club des Entrepreneurs », fa mila tosika avy amin'ny fitondram-panjakana ny mpandraharaha madinika, ho fampivelarana malaky an'ity seha-pihariana ity, ao anatin'izany ny famatsiana ara-pitaovana sy ny fanohanana ara-bola « Fond de caisse » ny mpandraharaha, eo ihany koa ny fanomezana toro-lalana tokony hatao amin'ny famoahana entana mankany ivelany. Tsiahivina fa 50% ny mpandraharaha Malagasy dia sahirana nohon' ny « Covid » ary ny sehatry ny fizahantany sy ny asa tanana no tena fositra noho ny fihenan'ny mpanjifa. Miezaka miroso amin'ny fanarenana tsikelikely an'ity seha-pihariana ity ny mpandraharaha madinika manomboka izao noho ny fisokafan'ny sisintany.

***Franck Razakambelo***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Mihinan'IEM ny mponina amin'ity rano tsy misy ity

**Arp Helisoa :** mihinan'IEM tokoa amin'ity rano tsy misy ity a! ny lokon'ny tranompokotany misy ny paompy ve mahafaka hetaheta sy ny fahasahiranana? Io natao loko orange io ny biraom-pokontany misy ny paompy amin'ny fokontany iray eto an-drenivohitra.
**Achim Kely :** hotranio koa aty Mahajanga, mijaly rano koa zahay aty nefa andro tena mafana.
**Arp Helisoa :** Achim Kely: gravy a!
Volaniaina Alessandro Alex : Arp Helisoa ! tsy hitanao lay voloparasy miaraka aminy , io midika fa misy maty na fisaonana !
**Hery Ratovo :** Arp Helisoa : n'aiza n'aiza ty e! Tsisy rano ! Grrrr!
**Kelly Rja :** sady mampiomehy no mahamenatra fa dia eo izy.
**Hetsika Montpellier :** ny nandoko ilay trano no nahamaika azy, ny rano anefa tsy tonga.
**Lydia Raharinivo :** les potirons aux crabes hihihihi !
**Maharavo Kely :** misy farany ny zava-drehetra.
**Jaoravo Clement:** raha nitohy naniry ny hazo, tonga tany an-danitra ny voalavo. Misy farany raha jiaby!
**Achim Kely : Arp Helisoa :** aty Mahajanga isakany fkt misy Makiplast ngezabe reny eo vahoaka maka rano Zay lay hoe vely Makiplast.
**Zakaria Andrianjatovo :** izany ve ? Ny anay Tamatave moa izany ny Jirama dia pipin-tsaka, fa dia paompy-tany no tena miasa @ fanadiovana, dia mividy "ranontsika" no fisotro.
**Patrick Ando Rarivo :** ny sitrapony vitany fa ianao feheziny.
**Arp Helisoa : Patrick Ando Rarivo :** lay fahafahanao toa nitsahiny, tena ataon'ny fitondran-dRajoelina fahirano mihitsy isika vahoaka amin'izao fotoana.
**Alain Rabemanahaka:** ny anay aty Itaosy izao efa firy andro tsy misy rano, filaharambe ny bidon jaune aty isan'andro. Ny lavadrano koa misy no ritra. Tena mijaly amin'ity resaka rano ity ny vahoaka, mila vahaolana maharitra. Vao tsy ela no nasiana fantsona na tuyau nanimbana lalana ireny taty Itaosy nefa hatramin'izao mbola olana ny rano!
**Mia Haingolalaina Cecilia :** Antsirabe ko hoe otran'zao daoly.
**Martial Tovonirina :** Salantapy o!
**Wilkoof Rochelot :** mijery an'io loko io dia misy rano e! hihihiiiiii!



**Odette Lisinirina :** mampalahelo!
**Claude Rabemino :** tena ho olana ben y vary amin'ny taona ho avy noho izao tsy fisian-drano izao, tena voahoona mihitsy izao fitondrana Rajoelina iao, satria fitondrana mpanota fady.
**Daniel Andriamisaina :** izahay aty Ampandrana koa tena olana io resaka rano io, zara raha misy mandeha ny robinet, mandany fotoana ny maka rano aminy, nefa ny fotoana volamena hoy ilay fomba fitenenana izay.
**Saholy Rasendra :** jiro efa olana, ny rano koa ty raharaha be manaraka ny arabe, arak'ilay fomba fiteny talohaloha teo izay koa.
**François Rakotonirinarison :** niova ny mpitantana ao amin'ny Jirama, fa mbola tsy voavaha ihany ny olana amin'ity resaka jiro sy rano ity, indrindra ny rano, tena olana be izany tsy misy rano izzany, ny jiro tsy misy mbola afaka mampiasa labozy, jiro mandeha amin'ny masoandro, jiro petrole. Fa ny rano tena sarotra raha tsy misy.
**Christophe Ranoelison :** tena mila vahaolana maharitra ity resaka rano ty e ! tena tsy lasa zany tsy misasa fa manao sasa piso izany. Indrindra fa ny vehivavy, tena mila rano amin'ny fiainany andavanandro. Ary io tsy eto Antananarivo sy ny manodidina ihany, fa ny any Atsimo koa, tena mila vahaolana maharitra, tena tokony tanterahana tokoa ny fanaovana pipeline any an-toerana, fa tsy atao resaka manidina fotsiny.
**James Ratsimanosika :** jereo manokana aloha izahay aty Itaosy fa efa hatramin'ny herintaona no andro maromaro no tsy mahazo rano toy ny misy amin'izao fotoana e!

## Sakafo Ny Valosoa



Atikena sy poivron indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny jus-na celeri

Ny soa azo avy amin'ny jus-na celeri indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manadio ny aty izy, manila ny loto any anaty, tsara ho an'ireo olona mampihena vatana, manampy amin'ny fandevonankanina, manala ny rivotra any anaty, mampitombo ny hery fiarovana. Ankoatra izany, be otrikaina ny celeri : misy vitamina A, B1, B2, B6, B9, vitamina C, calcium, potassium, magnésium, fer na vy, phosphore ao aminy. Be ny antsoina ihany koa hoe fibre ny celeri.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Boanamary any amin'ny distrikan'i Mahajanga II faritra Boeny

Ny tanànan'i Boanamary any amin'ny distrikan'i Mahajanga II faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Boanamary ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina 9 mandrafitra ny distrikan'i Mahajanga II. Any amin'ny faritra avaratra atsinanan'ny faritra Boeny no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 17 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly sy mpiompy ary mpanjono ny mponina any Boanamary. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany toy ny: manga, ny mahabibo, ny voamadilo na kily, ny voasarimakirana. Any Boanamary no misy ilay orinasa mpanao simenitra any amin'iny faritra iny, any Amboanio.



## NY TENY FIAINANA

*"Fa hoy izaho: mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo."*
***Galatiana 5:16***

**Rindran-kira « Tamberina »**

# Hamerenana ireo hiran'ny taona 60 - 70 - 80


*Ny Baobab, hiantsoroka ny « Tamberina ».*

Ireo hira tsy mety vasoky ny vanimpotoana nifandimby ary mbola tsy afaka am-bavan'ny maro mandraka ankehitriny, mirakitra tsiahy sy fahatsiarovana zary tantara mitoetra izay nojarian'ireo Andrarezin'ny mozika malagasy tany amin'ny taona 70 hatramin'ny 80. Ireo no hojifain'ireo Liankanto eto Analamanga, ny tolakandron'ny rahampitso alahady 14 novambra, hanomboka amin'ny ampamatoran-janak'omby (03 ora tolakandro), etsy amin'ny CCESCA Antanimena.
Nomarihan'i Mami, mpiketrika ny « Tamberina » anarana nasalotra ny rindran-kira fa noezahana, araka izay azo natao ny tsy nanova ny fomba fihira, ny fandrindrana ary ny fanehoana an-tsehatra ireo hiran'ny taona 60 - 70 ary 80. Anton'izany ny tsy hampiova ilay « fanahy » voarakitra anatin'ireo sanganasa, hoy ihany ny lehilahy. Nahazoana fahazoan-dalana avokoa tamin'ireo tompon'ny sanganasa ny hamerenana indray ireo hiran'izy ireo ao anatin'ny « Tamberina ».

**Ambohimpihaonan'ireo Andrarezina**

Anisan'ireo hatamberina eny an-toerana ny hiran'ny tarika Rambao, Ramy Franck, Ny Ambio, Vola sy Noro, Troupah (Jean Rabary), Ny Nanahary, Olivier Andrianarivony, Bouboul, Valolahy sns … Hanolotra sy hitondra ny fanentanana i Clara, feo sy endrika tsy zoviana amin'ireo nanaraka ny Radiom-pirenena malagasy tamin'izany fotoanandrony. Ho avy eny an-toerana ihany koa ireo mpanakanton'ny taona 60, 70, ary 80 mbola velon'aina ankehitriny.
Ny tarika Baobab, ahitana mpikambana miisa 08 mianadahy no hiantsoroka ny fanatanterahana ny « Tamberina ». Izy ireo izay nanambara, fa tsy hilahatra amin'ireo mpanakanto voasokajy ho goavana fa tsy mena-mitaha amin'izy ireo kosa ny zavabitan'ny « Baobab ». Dingana manaraka ny hitondrana ny rindran-kira « Tamberina » any amin'ny faritra ary hipaka hatrany Dilambato mihitsy aza izany ho fanehoana amin'ny rehetra fa manana ny maha izy azy sy ny hasiny ny mozika novokarin'ireo mpanakanto Malagasy tany amin'ny taona 60 hatramin'ny 80, koa mendrika holovain'ireo taranaka aty aoriana hanjary vatsin-dalana hamakivakiana ny fiainana an-tany.

***Lalasoa R.***

**Mozika Rap**

# Miala any ny « Akon'ny nafenina »



*Goostmeh, tanora manabe voho ny Rap.*

Raha toa ka heverina fa efa be no vitan'ireo Zokibe, teo amin'ny filalaovana ny rap teto Gasikara dia tsy mikely soroka manabe voho ity mozikan'ny tanàn-dehibe efa mahazo faka hatrany ambanivolo ity, ireo Zandry mahaleo mahalasa ankehitriny.
Anisan'ireny i Goostmeh, tanora vao erotrerony avy any Toamasina miangaly ny Rap. Anio sabotsy, etsy amin'ny Madagascar Underground Antsahavola, ny tovolahy no hanolotra ampahibemaso amin'ny alalan'ny seho miavaka ilay kapila mangirana « Akon'ny nafenina ». Sanganasa miisa 10 no handrafitra ny « Akon'ny nafenina ».

**Mitory fihavanana, firaisankina ary firahalahiana**

Miompana betsaka amin'ny fanentanana ny ambanilanitra manam-panahy hikolo mandrakariva ilay soatoavina sy ny vakomanitra Malagasy toy ny fihavanana, firaisankina, sns … antoka nampirindra ny fiaraha-monina fahagola, ny tononkira raiketin'ny « Akon'ny nafenina », hoy i Goostmeh. Ity farany izay nikirakira ny mozika rap efa tany amin'ny taona 2011.
Anisan'ny vazo nahafantrana an'i Goostmeh ny « Mahantra very havagna ». Mampiavaka azy ilay rima voarindra amin'ny endrika kanto mirakitra hafatra mafonja sahaza ny isam-baravarana. Ho an'ity mpanakanto ity, manabe, manala voly ary mampita hafatra ny mpiangaly ny mozika rap.
Ho avy hanotrona sy hanasina ity fotoana sarobidy loatra ho an'ny mpitia mozika rap ity, eny Antsahavola, anio sabotsy 13 novambra, i Liloscarnivor sy Yrist. Izy ireo izay samy hivazo ny sanganasan' i Goostmeh. Azo jifaina eny an-toerana ihany koa ny kapila « Akon'ny nafenina ».

***Lalasoa R.***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fihaonan'ny Ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina TIM tamin'ny filoha Ravalomanana tao Bel'Air.**










Morondava faritra Menabe

# Toa hafenina ny tarehi-marika momba ny covid-19

Manomboka mihamahazo vahana ato Morondava faritra Menabe, nanomboka ny faran'ny volana oktobra teo iny ny valanaretina coronavirus ary nanomboka tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity dia efa maherin'ny 60 eo, ireo manaraka ny fitsaboana ary sekoly miisa 3 no voatery nampiato ny fampianarana ao aminy, noho ny fisian'ny tranga tamin'ireo mpianatra ao aminy .




Hatreto anefa dia tsy misy ny vaovao avy amin'ny tompon'andraikitra, mikasika ny fivoaran'ny valanaretina covid19 aty Morondava, fa toa mifanilika tsy misy sahy milaza ny zava-misy marina, fa anjaran'ny ministera hono mamoaka ny antotanisa, hoy ireo tompon'andraikitra aty an-toerana hatreto, na dia hita fa mitombo isan'andro aza ireo voan'ny covid19 aty Morondava dia hita fa mifanilika amin'ny fampiharana, sy fandraisana fanapahan-kevitra ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny. Koa ahiana ny mbola hiakaran'ny antotan'isan'ireo mitondra ny tsimokaretina, sy hiparitahan'ny valanaretina ato Menabe ary mety hisian'ny fihibohina indray aty Menabe, satria dia hita fa tsy mavitrika amin' ny vaksiny ny olona aty, eo ihany koa ny goragora amin'ny fanarahana ireo fihetsika sakana hiarovana amin'ny covid 19 ; na dia mitombo andro aman'alina aza ireo voan' ny covid19 dia mahagaga fa dia mbola mitohy hatrany ireo hetsika famoriam-bahoaka, izay azo antoka fa fotoana hiparitahan'ny covid19 ;

Hatreto na dia efa maro be aza ireo fantatra fa voan'ny corona virus dia tsy misy fandraisana andraikitra ataon'ireo tompon'andraikitra aty an-toerana, afa-tsy ny fanentanana ihany. Nefa ny zava-misy efa tsy vitan'ny fanentanana irery ihany intsony, ka lasa ny sain'ny rehetra hoe fa maninona no hafenina ny antontan'isan'ireo olona mitondra ny valanaretina? Maninona no tsy sahy manapakevitra ireo tompon'andraikitra manafoana ireo hetsika mamory olona ireny ?

***J Patrick***

Vokatra « Aina Moosli »

# Manamafy ny hery fiarovan'ny zaza 6 ka hatramin'ny 14 taona

Ambony be ny tahan'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka ho an'ny zaza eto Madagasikara, indrindra ny hanoanan'ny zaza tsy hita maso. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny "Hotel Le Pavé" Antaninarenina ny alarobia teo ny vokatra fanampin-tsakafo vaovao antsoina hoe "Aina Moosli", izay novokarin'ny orinasa Le Gret sy ny orinasa Nutrizaza ary ny orinasa "Chocolaterie Robert", tohanan'ny Vondrona Eoropeanina. Fanampin-tsakafo be otrik' aina ahitana "vitamine" miisa 21, "Fer", "Calicium", "Zinc", namboarina avy amin'ny vokatra avy eto Madagasikara, toy ny "Sorgho", ny vary, ny katsaka. Nilaza ny Dokotera Razakandrainy Andry, mpiandraikitra iray ao amin'ny tetik'asa PFOA (Projet de fortification Alimentaire pour les populations vulnerables à Madagascar), fa natokana ho an'ny zaza 6 taona ka hatramin'ny 14 taona ity vokatra ity, noho ny tsy fahampian'ny "Micronutriment" ho an'ireo zaza mpianatra eny amin'ny Fanabeazana fototra ary ny fampiakarana ny hery fiarovana amin'ny alalan'ity fanampin-tsakafo ity, no ahafahan'ireto farany manatsara ny kalitaon'ny fianarana. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra iray ao amin'ny tetik'asa PFOA ity, fa ny zaza mpianatra amin'ny faritra Analamanga sy ny faritra Vakinankaratra ihany no hisitraka ny sakafo "Aina Moosli" amin'izao andiany voalohany izao, fa haparitaka any amin'ny faritra hafa ity fanampin-tsakafo ity, mba hahafahana manampy tosika ny zaza Malagasy amin'ny ady amin' ny tsy fanjarian-tsakafo atsy ho atsy. Nanamafy ny Dokotera Razakandrainy Andry, fa azo atao ny miady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka amin'ny alalan'ny varotra sy ny tsena, ka amidy amin'ny sarany mirary ny vokatra, mba hahafahan' ny rehetra manjifa izany. Tsiahivina fa efa namoaka ny vokatra "Po-bary" natokana ho an'ny zaza 3 taona ka hatramin'ny 5 taona ny orinasa "Nutrizaza" alohan'ny namoahana an'ity fanampin-tsakafo natokana ho an'ny zaza 6 taona ka hatramin'ny 14 taona ity.




***Ny fampahafantarana ny fanampin-tsakafo Aina Moosli tetsy Antaninarenina.***

***Franck Razakambelo***

Faritra Atsinanana

# Hanomboka ny 17 novambra izao ny taom-piotazana letchi

Hanomboka ny 17 novambra ho avy izao ny taom-piotazana letchi any amin'ny faritra Atsinanana. Vokatra anisan'ny fanondran'i Madagasikara any ivelany ity voankazo ity, ankoatra ny hamidy amin'ny tsena anatiny. Ho an'ny haondrana any ivelany, hoentina hamonjena ny tsenan'ny Noely sy ny faran'ny taona any ivelany ny vokatra letchi avy aty amintsika. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra, vokatra letchi maherin'ny 17500 t no haondran'i Madagasikara amin'ity taona ity. Hisokatra ofisialy ny 17 novambra, amin'ny 04 ora tolakandro, ny taom-piotazana letchi ao amin'ny faritra Atsinanana amin'ity taona 2021 ity. Efa nanomboka ny 10 novambra, ao amin'ny Lapan'ny faritra Atsinanana Toamasina, ary tsy hifarana raha tsy ny marainan'ny 17 novambra ny "guichet unique" ahafahan'ny mpandraharaha maka fahazoan-dalana hanangom-bokatra sy hanondrana. Samy manana "guichet unique" ho azy manokana ny faritra tsirairay manana vokatra letchi. Hatreto, fantatra fa tsara ny kalitaon'ny vokatra. 1200 Ariary ny vidin'ny 1 kilao mandritra ny tsena. Ho hentitra ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna, hoy ny tomponandraikitra. Anisan'izany ny fahazoandalana, ny fanamarinana ny fandoavan-ketra isankarazany, ho an'ny mpanangom-bokatra, mpatitra, sy mpanondrana. Efa samy namoaka ny lisitry ny hetra aloa ny fiadidiana ny tanàna sy ny faritra tsirairay.



***Aly***

Faha-160 taonan'ny Fjkm Ambohidrabiby

# Tsangambato ny trano fiangonana any Vohitranivona Brickaville

Nisongadina nandritry ny fanamarihana ny faha-160 taonan'ny Fjkm fitandremana Ambohidrabiby, synodamparitany Iarivo avaradrano ny Sabotsy 6 sy ny Alahady 7 novambra 2021 lasa teo. Fanitarana fiangonana, no tanjona izay notokanana ny takelabaton'izany, ary anisan'izany ny fitokanana ny fiangonana any Vohitranivona Brickaville ny 21 Novambra 2021 ho avy izao. Anisan'ny teny faneva noraisina ny voasoratra ao amin'ny 1 Kor 15 :58 manao hoe … Dia miorena tsara, aza miova ary mahefà be amin'ny asan'ny tompo… Ny prezida synodaly Iarivo avaradrano, ny mpitandrina Rabetokotany Miarilaza no nitarika ny fotoana raha ny filohan'ny Fjkm, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi, no nitondra ny hafatr'Andriamanitra tamin'izany. Anisan'ny nitondrany fanazavana momba ireo dingana efa vitan'ny Fjkm tao anatin'ny efatra taona ary nilazany, fa fiangonana 462 no voatsangana raha toa ka kaominina 407 no noeritreretina tamin'izany ankoatry ny fokontany miisa 39. Ankoatr'ireo ny asa ivelany toy ny any Seychelles sy Moroni Comores ary ireo faritra samihafa any Lafrantsa, izay manao tafika masina hatreto. Tanjona amin'izany ny hoe vontosy filazantsara Lafrantsa. Niarahabany sy nitsodrano ireo mpino kristianina teo an-toerana sy ny zanaka ampielezana izy mba hahavita be hatrany eo amin'ny asan'ny tompo. Anisan'ny manan-tantara ny Fjkm fitandremana Ambohidrabiby noho izy manana vato fikabariana tamin'ny faha-mpanjaka, izay eo ambany pilipitra ankehitriny toy ny tany Jerosalema, izay mifandray amin'Ambohidrabiby. Niainga teny Ambohidrabiby ny anarana ary nitohy tamin'ny faritra hafa toa an' Anjohy, Andohalo, sns… Na nympitandrina teo an-toerana, Randrianalidera Radoniriana Robin, ny solontenan'ny enina trano, ny synodamparitany ary ny foibe Fjkm dia samy naneho fisaorana sy fiarahabana ny mpino kristiana sy ny zanaka ampielezana noho ny fahatrarana izao taon-jôbily faha-160 taona izao, ary mbola mitohy hatrany ny hetsika. Fiaraha-misakafo hatrany no namaranana ny fotoana tao anatin'ny roa andro, ary fandraisana ny fanasan'ny tompo kosa nialohavan'ny sakafo ny Alahady teo izay niarahana tamin'ny AFF foibe Fjkm.

***Rajo***

FJKM Andranovelona Fihavanana

# Akany Fihavanana no tsangambaton'ny faha-150 taona

Nisongadina nandritry ny fanompoam-pivavahana notanterahina ny Alahady 7 Novambra lasa teo, tao amin'ny Fjkm fitandremana Andranovelona Fihavanana, synodamparitany Antananarivo atsinanana, fa tanjona ny famitana ny akany Fihavanana, izay anisan'ny tsangambaton'ny faha-150 taonan'ny fiangonana. Nifanotrona ny reni-fiangonana sy ny zanaka ampielezana noho ny iray volan'ny taranaka, ka ny mpitandrina teo an-toerana, Randriambeloson Romule, no nitarika ny fotoana sy nitondra ny hafatr'Andriamanitra tamin'izany. Miroso amin'ny tolo-bidy amin'ny fandrafetana ny trano ny tompon'andraikitra ankehitriny, ka raha vao vita ny ambany rihana dia miroso avy hatrany amin'ny trano fitsaboana ny mpino kristianina eo an-toerana. 21 tapitrisa ariary ny teti-bidin'ny fananganana ity akany Fihavanana ity hoy andriamatoa Naina izay filohan'ny komitin'ny jôbily, ka ankoatry ny rakitra isan-taranaka sy ny tonona samihafa dia tratra ny tanjona amin'ny ankapobeny, saingy mbola mitohy hatrany ny fanentanana satria ny 20 Novambra ho avy izao dia hisy ny antsa an-kira hiarahana amin'ny Koraita ho tanterahina ao amin'ny Ceg Andranovelona, ary ny 28 Novambra 2021 kosa vao hifarana ity iray volan'ny taranaky ny Fjkm Andranovelona Fihavanana ity. Ny sampana samihafa dia samy nanao hetsika fanohanana ny fahavitan'ity akany Fihavanana ity avokoa. Fandraisana ny fanasan'ny tompo moa no namaranana ny fotoana ny Alahady 7 Novambra lasa teo tao amin'ny Fjkm Andranovelona Fihavanana.

***Rajo***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**06/11/2021 hatramin'ny 13/11/2021**

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1231-11-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIRAISAMONIM-PIRENENA**

# Tsy voapetraka ara-potoana foana ny lalànan'ny tetibola

***Fametrahana sy fanapariahana ny PLF2022, na ny volavolan'ny lalànan'ny tetibolam-panjakana amin'ny taona ho avy, misy ny fanamarihana sy fitakiana avy amin'ny firaisamonim-pirenena. Nisy ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'izy ireo omaly.***

Ny Fehezan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana laharana 2004-007 ny 26 Jolay 2004 mamaritra ny Lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana dia manambara, fa ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona ho avy, miaraka amin'ireo tatitra sy tovana isan-tsokajiny araka ny Andiniy faha-44, dia tokony ho voapetraka sy ho haparitaka farafahatarany ny 30 oktobra ny taona mialoha ny hanatanterahana ny fampiasam-bola.

Noho izany, tsy azo atao hoe voapetraka ny PLF raha tsy hita ao avokoa :

● Ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibola.
● Ireo tovana telo (tome 1, tome 2 sy tome 3)

Izahay hoy ny fanambarana dia nankasitraka ireo ezaka efa nataon'ny minisiteran'ny toekarena amin'ny fampitam-baovao.

● Ny 20 Oktobra 2021 momba ny fametrahana ny PLF teo anivon'ny filankevitry ny minisitra.
● Ny 28 Oktobra 2021, fanambarana momba ny :
○ Fankatoavan'ny filankevitry ny minisitra ny PLF
○ Fametrahana ny votoatin-dalàna « corps de Loi » teo anivon'ireo rafitra mpanao lalàna anankiroa (Antenimeran-doholona sy Antenimeram-pirenena)
○ Fahataran'ny fametrahana ny PLF amin'ny endriny feno nohon'ny fitarozahan'ny fitanan'ny Ministera izany.

Tsy mbola misy ankehitriny ny fanambarana momba ny fametrahana ny PLF amin'ny endriny feno.

Ny fanambarana nataon'ny Filohan'ny Vaomiera misahana ny Volam-panjakana eo anivon 'ny Antenimeram-pirenena ny 09 Novambra 2021, izay nilaza fa efa voapetraka teo anivon' izany rafitra izany ny PLF tamin'ny 29 Oktobra 2021, dia mifanohitra amin'ny fanambarana indroa miantoana nataon'ny Minisitry ny Toekarena sy ny fitantanam-bola, izay nanamarina fa misy ny fahatarana amin'ny fametrahana ny PLF amin'ny endriny feno.

Tianay ho marihina ihany koa fa nanomboka tamin'ity fitondram-panjakana ity dia tsy mbola voapetraka ara-potoana mihitsy ny PLF, ary lasa fahazarana ny tsy fanajana ny Zon'ny olom-pirenena, ny Lalàna sy ireo rafitra mpanao Lalàna voafidy (Solombavambahoaka sy Loholona).

Malemy sy tsy sahy mitaky ny zony akory ireo rafitra mpanao Lalàna. Ny maha iray loko azy ireo amin'ny ankapobeny dia tsy manamarina ny fahanginany, ary tsy miantoka ny fisian'ny fanjakana tsara tantana na ny demokrasia, na koa ny fiarovana ny tombontsoan'ny vahoaka izany ; kanefa ireo no tanjona voalohany ho an'ny Solombavambahoaka. Izany dia nitarika hatrany ny fandaniana ny PLF ao anatin'ny hamehana sy tsy fisian'ny ady hevitra, na koa ny fandaniana izany tamin'ny alalan'ny didim-panjakana avy amin'ny Filoha.

Ireo solombavambahoaka dia olom-boafidin'ny olom-pirenena. Ny olomboafidy sy ireo tompon'andraiki-panjakana dia tsy to teny sy tsy manana ny lanjany raha tsy misy ny tamberin'andraikitra ataony amin'ny olompirenena. Ny fanapariahana ny PLF miaraka amin'ny fotoana hametrahana azy eny anivon'ny rafitra mpanao lalàna, dia anisan'ireo haitao iraisam-pirenena, ary mitaky izany hatrany ny firaisamonimpirenena.

Raha toa ka efa nisy ny fametrahana ny PLF, moa ve tsy tokony ho adidin'ny solombavambahoaka ny mampahafantatra izany amin'ny olom-pirenena sy ny mitaky amin'ny minisiteran'ny toekarena ny fanapariahana azy ?

Fotoana izao, ho fanajana sy fampiharana ny mangarahara, ny tamberin'andraikitra ary koa ny fampandraisana anjara ny olom-pirenena amin'ny raharaham-panjkana.

Koa antitranterina hatrany ireo fitakiana mahakasika ny:


• Fampiarahan'ny Governemanta/MEF ny fametrahana sy fanapariahana ny PLF amin'ny endriny feno ao anatin'ny fotoana fohy,
• Firavoravoan-tanan'ireo rafitra mpanao lalàna roa tonta (Antenimeran-doholona Antenimeram-pirenena), amin'ny tokony hanasaziana ireo fomba fanao tsy mifanaraka amin'ny lalàna, ka manohintohina sy maniratsira ny maha- zavadehibe ny antom-pisian'izy ireo,
• Fanajan'ireo olom-boafidy sy olom-panjakana tsy misy fepetra ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra manoloana ny olom-pirenena. Maromaro ireo fikambanana avy amin'ny firaisamonimpirenena nanao izany fanambarana izany dia ny CCOC, Ivorary, Rohy, ny Transparency International Initiative Madagascar, Saha, Tatao, ary ny Ong Tolotsoa.

***Nangonin'Isambilo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 372**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0371)

*Mitsivalana*
- Sahirana
- Io (miv) - Nana
- Andriana
- Voay - Ody
- Ota (miv) - La (miv)
- Mitady
- Amidy (miv) - Vy (miv)

*Mitsangana*
- Soavaly
- Tonia (miv)
- Daomy
- Inri - Mi (miv)
- Anao
- Nandady
- Vilia (miv)

**TENY MIFANAPAKA** **N° 372**




**Mitsivalana**

**1.** Tarehy, tava **2.** Isa - Tsofoka - Tolotra **3.** Faran-teny (miv) - Bozaka **4.** Tanisaina **5.** Vizana **6.** Mpanondro - Ny alehanao **7.** Vokatra tena izy (miv) **8.** Fonenana - Mitempo (miv) **9.** Ahy sy azy (miv) - Faran-teny **10.** Hamoronana

**Mitsangana**

**A.** Tra-tehaka - Ila, iry **B.** Teny miangavy - Tampisaka (miv) **D.** Fiandohan'ny karemy - Làlam-panorenana (miv) - Vizana **E.** Ho haninao **F.** Fiandohan'ny lakandrano **G.** Laharana ambony eo @ tafika - Hekitara **H.** Foto-tenin'ny fanakalozana **I.** Ao ambadika - Solfa **J.** Tsirin-teny - Tranon'ny Mpanjaka (miv) **K.** Heno - Feo miverina - Tsy sahy intsony

### Valiny Teny mifanaraka 0371

**Mitsivalana**

**1**.Papango - TV **2.** Orana - Nosy **3.** Lisitra **4.** Isika - Rora **5.** Teo - Lasa (miv) **6.** Ireo - Orana **7.** Kar(y) - Ala - Ha (miv) **8.** Atao - Afina **9.** Man - Vad(y) **10.** Fidrana

**Mitsangana**

**A** Politika B. Sira (miv) - Ratsy **D.** Pasiteraé **E.** Anikeo - Ome **F.** Natao - AR **G.** Olana **H.** Fararano (miv) **I.**. Osa - Iva **J.** Tsiranana **K.** Vy - Alahady

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fihaonan'ny Ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina TIM tamin'ny filoha Ravalomanana tao Bel'Air.

















